

ZOMA MASINA - TAONA A



© Marie Lavie - www.icones-grecques.com

Noratraina Izy noho ny fahotantsika.

Ry Kristianina havana, ny Zoma masina no hibandinantsika bebe kokoa ny fijalian'ny Tompontsika.

Vakiteny I : Iz. 52, 13-53

Tononkira : Sal. 30,

Vakiteny II : Heb. 4, 14-16, 5,7-9

Evanjely : Jo. 18, 1-40, 19,1-42

Marina fa isan'andro isika rehefa manao ny famantarana ny hazo fijaliana dia mibanjina ny fijalian'ny Tompo sy mandray ny vokatry ny fijaliana dia ny dinam-pitiavana izay tanteraka tamin'ny alalan'i Jesoa sy ilay fampihavanana ao amin'Andriamanitra Ray Trinite masina. Fampihavanana amintsika olombelona, fampihavanana amin'ny tontolo

iainana, fahariana vaovao ny dikan'ny fijaliana niainan'i Jesoa Tompontsika. Fantantsika nefà fa Izy izay tsy nanota nanaiky ho fahotana mba ho tanteraka ny dinam-pitiavana sy fanekem-pihavanana. Fahariana vaovao ho antsika ny fankatoavan'i Jesoa ny sitrak'Andriamanitra, izany ny fototra amin'izao fankalazana ny Zoma masina izao.

Raha mibanjina ny fijalian'ny Tompo isika dia mibanjina ny fanolorany ny tenany izay fankatoavany ny hitondra ny famonjena ho antsika ho fanatanterahany ny sitrapon'ny Rainy.

Ny lesona horaisintsika androany amin'izao fibandinantsika ny lakroa masina izao dia ny tenin'i Kristy teo amin'ny lakroa hoe : "Aoka ho tanteraka amiko araka ny sitrakao", raha manaiky hanatanteraka ny sitraky ny Ray isika dia hiditra ao amin'ny famonjena.

Tamin'ny fanombohantsika ny Herinandro masina dia nuditra tao Jerosalema i Jesoa toy izany koa isika satria mpiara-belona amintsika Izy. Ahoana àry ankehitriny ny tena dikan'ny fidirana ao Jerosalema ?

Tsy inona fa ny hidirantsika amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra, ny sitrany dia isika hifankatia, hiombona Aminy ka handray ny fahamasinany. Ka ny fahamasinana dia ny fiombonana amin'Andriamanitra vokatry ny fijaliana iainan'i Kristy izay banjinintsika amin'izao Zoma masina izao.

Raha mibanjina sy manaja ny lakora masina isika, tsy hoe manompo sampy na manao teatra sanatria isika raha manao izany fihetsika izany fa manambara ny fidirantsika ao am-pon'i Jesoa.

Henontsika tamin'ny Evanjely teo fa nisy Rano sy Rà nivoaka tamin'ny fon'i Jesoa. Rà sy rano izay manadio antsika ka mampiombona antsika amin'Andriamanitra, mampiombona antsika samy olombelona sy amin'ny tontolo iainana ka fainam-baovao no entintsika.

Ny fidirana ao Jerosalema fiadanana, Jerosalema fainam-baovao dia tsy inona fa ny fanatanterahantsika ny sitrak'Andriamanitra, miaina an'izany sitrak'Andriamantra izany isika ka hifanasoa, hitady ny soa iombonana, hampanjaka ny marina, hampanjaka ny fifankatiavana, izany rehetra izany ny satan'ny dinam-pitiavana sy dinam-pihavanana atolotri'i Jesoa ka ankalazaintsika amin'izao Zoma masina izao.

Raha manoroka ny lakroa masina isika, raha manaja ny lakroa masina dia toy ny miditra ao am-pon'i Jesoa, koa aoka àry ho fo vaovao no horaisintsika amin'izao Zoma masina izao. Fo izay mitempo ny tena fitiavana, ho "chapelle" famindram-po isika amin'ny toerana misy antsika tsirairay avy any satria fo vaovao no entin'izao fanekem-pihavanana vaovao ataon'i Jesoa izao ka hampirindra ny fainam-pianakaviana, ho Eglisy kely ho tempolin'Andriamanitra.

Mampatsiahny ny fanirahan'i Jesoa antsika handray an'i Masina Maria ny Evanjely androany izay lalàna hanampy antsika bebe kokoa handray sy hanatona azy. Teo am-pototry ny hazo fijaliana i Jesoa dia niteny tamin'i Maria hoe : "*indro ny zanakao*", sy niteny tamin'i Joany hoe : "*indro ny reninao*", nanomboka tamin'io andro io dia nandray an'i Masina Maria tao an-tranony i Joany. Namporishina koa isika tato amin'ny diosezin'Antsiranana tamin'ny fanomezana antsika ny "medaille mahagaga" misy ny sarin'ny lakroa sy Masina Maria mba handray an'i Masina Maria ao an-tokantranontsika tahaka ny nataon'i Joany. Miditra amin'ny alalany ao an-tranontsika tokoa àry i Jesoa mba hidirantsika ao Jerosalema koa.

Ny fidirana ao Jerosalema anefa tsy maintsy mandalo ny fijaliana ary izany no tsara handraisantsika an'i Masina Maria izay nanaraka an'i Jesoa hatreo am-pototry ny hazo fijaliana. Tsy maintsy mandalo ny fijaliana sy fanadiovana ny fontsika. "Encombe" loatra ny fontsika toy izany koa ny fianakaviantsika sy ny fiaraha-monintsika ka mila omena toerana i Jesoa. Masina Maria no hanampy antsika hametraka an'i Jesoa eo amin'ny fainantsika.

Jesoa no banjinintsika amin'ny lakroa, koa aza misalasala mampiditra ao an-tranontsika ny lakroa mba hiditra amin'ny fainantsika tokoa i Jesoa ilay mpiara-belona amintsika, ilay eo anivontsika tahaka ny nataon'i Joany nandray an'i Masina Maria.

Ampianarin'i Masina Maria isika hahay handray an'i Jesoa, ampianariny ho Kristianina mpiara-dàlana sy mpiara-belona amin'i Kristy ka amin'izay ny fiainantsika hiova tokoa, hiova ho tsara na dia mety hamparary aza indraindray.

Ny fanadiovana tsy mandeha ho azy fa mila finiavana, mila fahavonona, izany no ambaran'i Jesoa nanolotra ny ainy teo amin'ny hazofijaliana. Manolotra ny aintsika miaraka Aminy koa isika, koa na dia mijaly aza isika dia hiara-hitsangana Aminy satria voasasa ny fahotantsika.

Henontsika tamin'ny vakiteny teo ireo olona naneso an'i Jesoa, tsy maintsy ho voaeso koa isika Kristianina manara-dia an'i Kristy. Fantaro fa izany no lìlan'ny famonjena ho antsika araky ny voalaza amin'ny taratasy ho an'I Hebrio : “ *dia nianatra ny fanekena tamin'ny fahorianana niaretany, na dia Zanaka aza; ary ankehitriny, efa tonga amin'izay fanaperana Izy, ka tonga fototry ny famonjena mandrakizay ho an'izay manaiky Azy* ”.

Zary famonjena ho antsika tokoa i Jesoa ary izany no antenaintsika satria mpiara-belona amintsika Izy. Koa na inon-kidona na inon-kihatra dia ao amin'i Kristy isika, miaraka Aminy miditra ao Jerosalema izany hoe miditra amin'ny fiadanana marina.

Iriko ho antsika mianakavy amin'izao fibanjinantsika manokana ny fijalian'ny Tompo izao izany. Raha manaja izany isika dia miditra amin'ny tena fiainam-baovao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson